



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA



TOROLALANA HO AN'NY MPANETSIKA IFOTONY NA PROMOTEUR LOCAL

RANO WASH / Photos : Dahery Razaka Rafenomanana



Natao ho an'iza ity boky ity?

Ity Boky toro-làlana ity dia natokana ho an'ireo Mpanetsika ifotony izay mitantsoroka amin'ny Tetik'asa RANO WASH mba hamporisika ny tokantrano hanatanteraka ireo hetsika Rano Fanadiovana sy Fidiovana (RFF) mahasalama. Manampy azy ireo ny torohevitra sy torohay ato ary manome azy ireo fahaiza-manao manokana mahakasika ny RFF sy ny fiovam-pihetsika.



BushProof



Mizara toy izao ny votoatin'ity boky toro-làlana ity:

1.	NY TETIKASA RANO WASH	3
2.	NY MIKASIKI IREO MPANETSIKA IFOTONY	3
3.	IREO ANDRAIKITRA TANTERAHAN'IREO MPANETSIKA IFOTONY SY NY FOMBA FANATANTERAHANY AZY	4
4.	IREO FIHETSIKA RFF AZO ANTOKA SY MAHASALAMA.....	5
5.	TOKANTRANO MANATANTERAKA IREO FIHETSIKA RFF AZO ANTOKA SY MAHASALAMA = TOKANTRANO MPITARIKA.....	14
6.	NY FOMBA FISAFIDIANANA NY TOKANTRANO	15
7.	IREO FOMBA ENTINA HANAOVANA TANTSOROKA SY HAMPORISIHANA NY TOKANTRANO	15
8.	IREO FITAOVANA ENTINA HANAOVANA TANTSOROKA NY TOKANTRANO	17
9.	MPANETSIKA IFOTONY – MPANELANELANA NY TOKANTRANO AMIN'IREO MPIVAROTRA TOLOTRA RFF	24

1. Ny Tetikasa RANO WASH

Ny RANO WASH dia tetik'asa tohanan'ny vahoaka amerikanina manatsara ny sehatry ny rano – fidiovana sy fahadiovana eny anivon'ny tontolo ambanivohitra. Manana tanjona 3 lehibe izy amin'izany:

1. **Hampitombo ny fahaiza-mitantana** ny “Rano-Fanadiovana sy Fidiovana” na RFF eo amin’ny Kaominina mba hahazoan’ny mponina tsy ankavanaka tolotra RFF maharitra
2. **Hamporisika ireo mpivarotra sy ny “sehatra tsy miankina”** mba hamorona sy hivarotra tolotra “Rano-Fanadiovana sy Fidiovana” matihanina sy mara-penitra.
3. **Hanazatra ny fiaraha-monina** hanatanteraka ireo fihetsika RFF azo antoka sy mahasalama ary hampiasa ireo tolotra RFF matihanina sy mara-penitra

Maromaro ireo paikady ampiasain’ny Tetikasa mba hamporisihana ny fiaraha-monina HADIO izany hoe hanatanteraka ireo fihetsika RFF sy hampiasa ireo tolotra RFF. Ireto avy izy ireo:

- Ny FTTF (CLTS) na Fanadiovana Tanteraka Tarihin’ny Fokonolana: hetsika iray entina hanairan’ny tompon’andraikitra avy eo amin’ny Kaominina sy ny mpiara-miasa aminy ny fokonolona anaty Tanana iray **hiala amin’ny fangerena ankalamanjana** ka hanjary **“tanana afaka amin’ny fangerena ankalamanjana”** na “ODF”
- Ny “Andrim-panjakana SAKAIZAN’NY RFF” toy ny Sekoly sy Tobim-pahasalamana: manabe sy mitsabo izy ireo, ary ivezivezen’ny mponina, noho izany dia zava-dehibe ny fanajana ny fahadiovana amin’ireny toerana ireny. Manohana ara-teknika ireo andrim-panjakana ireo ihany koa ny tetik’asa.
- Ny Fampiroboroboana ny varotra vokatra sy tolotra RFF eny anivon’ny Kaominina: fanofanana ireo olona te-hamokatra sy hivarotra tolotra RFF (kabone – salaka azo sasaina), ary ho an’ireo kaominina voafaritra manokana, fanohanana ireo orinasa mpamatsy rano madio any an-tokantrano.
- Ny Fampiasana ireo haino aman-jery hanairana ny mponina eo anivon’ny kaominina, hanatanteraka ireo fihetsika RFF sy hanjifa ireo tolotra RFF, amin’ny alalan’ny afisy – radio, sns.
- Ny Hetsika “TOKANTRANO MPITARIKA”, izany hoe tokantrano mitarika eo amin’ny Fahadiovana eny anivon’ny Kaominina. Hetsehina manokana ireo Tokatrano.

Ito boky toro-làlana ito dia natokana ho fanatanterahana izany hetsika “Tokantrano Mpitarika” izany.

2. Ny mikasika ireo mpanetsika ifotony

Ny mpanetsika ifotony dia mpilatsaka an-tsitrano eny anivon’ny Kaominina, miara-miasa akaiky amin’ny “STEAH na Service Technique de l’Eau-Assainissement et Hygiene” sy ireo mpanetsika ara-pahasalamana samihafa eny anivon’ny fiaraha-monina toy ny Mpanentana ara-pahasalamana na “Agents Communautaires” (AC).

Mamporisika ny tokantrano amin’ny fanatanterahana ireo fihetsika RFF azo antoka sy mahasalama ary koa amin’ny fampiasana ireo tolotra mifandray amin’izany ny mpanetsika

ifotony. Mitarika ny Tokantrano mba hadio izy ary izy no modely mpanatanteraka voalohany ireo fihetsika voiziny. Anisan'ny fepetra takiana amin'ireo mpanetsika ifotony izany fanajany ny fahadiovana izany

Tsy voatery ho samihafa ny mpanetsika ifotony sy ny AC, fa miankina amin'ny tanàna tsirairay izany. Afaka miara-miasa akaiky amin'ireo mpamokatra tolotra RFF toy ny mpanamboatra kabone, mpitantana fotodrafitsara manome rano fisotro madio, na mpanjaitra salaka azo sasaina izy ireo.

Ny Mpanetsika ifotony dia:

- Mponina ao amin'ny Kaominina
- Mahay mifandray aman'olona
- Mahay mamaky teny sy manoratra
- Manatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny RFF
- Vonona ny hampifandray ireo mpivarotra tolotra RFF toy ny mpitantana rano, mpanamboatra kabone, mpanjaitra salaka sns...@ ireo tokantrano

3. Ireo andraikitra tanterahan'ireo mpanetsika ifotony sy ny fomba fanatanterahany azy

Ny mpanetsika ifotony dia mitondra fiovana eny anivon'ny tokantrano izay iarahany miasa amin'ny fihetsika maromaro izay ho jerena amin'ny antsipirihany amin'ny dingana manaraka. Noho izany izy mitondra fiovana izany dia misy paika sy fahaiza-manao manokana andrasana amin'ny mpanetsika ifotony. Voarafitra eto amin'ny tabilao eto ambany ire paika sy fahaiza-manao tsara tadihana mitondra fiovana eo anivon'ny tokantrano:


Asa tanterahana	Tadidio fa	Fadio ny
Miara-mitady vahaolana amin'ny tokantrano ahafahany manatanteraka ireo fihetsika RFF	Matoa tsy manatanteraka io fihetsika io ny tokantrano dia satria misy antony! Mety manampy kokoa ny tokantrano ny famahana ny olana miaraka aminy.	Mampianatra be fahatany sy manao be fananarana
Mandroso hevitra fa tsy mandresy lahatra: azon'ny olona raisina na tsy raisina ny hevitra	Tompon'andraikitra feno amin'ny fanapahan-kevitra ho raisiny ny tokantrano tsirairay avy ! Raha mbola tsy manatanteraka izy androany, dia tsy bedesina fa andraso ampilaminana ny ampitso satria « Ny omby indray mandry tsy indray mifoha » ary manaraka izy rehefa miova mihatsara ny manodidina azy	Mitsara, mitsikera, manome tsiny

Miresaka fivoarana, fahamendrehana, fitarihana eo amin'ny fiaraha-monina bebe kokoa, ankoatran'ny fahasalamana	Mahafinaritra ny tokantrano no mahatsiaro fa izy dia anisan'ny olona tia fivoarana sy mendrika. Ampiarahana amin'ny fandrosoana mankany amin'ny fivoarana hatrany ny fanatanterahana ny hetsika	Tsy miresaka afa-tsy ny fahasalamanaatria mety tsy mahatsiaro marary izy
Mampitaha amin'ny fanaon'ny tokantrano efa mpitarika na koa tokantrano malaza fa tia fivoarana	Mahafinaritra ny tokantrano ny mahatsiaro fa izy koa dia afaka miova sy mivoatra toy ireo tokantrano hafa izay efa hita fa mivoatra	Mampitaha amin'ny fomba mety hiteraka fialonana
Mivarotra fa tsy mizara maimaim-poana Manosika ny tokantrano ko hitrandraka ny fahaiza-manaony	Ny zavatra vidian'ny tokantrano ialany vola dia matetika ho ampiasainy no dikan'izay -	Manazatra mizara zavatra maimaim-poana ny tokantrano satria tsy manampy azy amin'ny fivoarana izany
Mampifaninana ireo tokantrano « fifaninana masina » ka izay mahavita arahabaina ary izay tsy mahavita entanina hatrany handray anjara – samy mpandresy avokoa	Mahafinaritra ny mifaninana anaty firahalahiana – indrindra raha efa hay fa hitondra vokatsoa ny fifaninanana	Maneso na manivaiva ireo resy na mbola tsy mahavita manatanteraka ny fihetsika – tsy misy ny tara fa afaka manomboka hatrany

Ny mpanetsika RFF dia manana toetra mpitarika sy mpanova eo amin'ny fiaraha-monina.

4. Ireo fihetsika RFF azo antoka sy mahasalama

Natao hanafoanana ny fidiran'ny tay sy ny loto hafa hiditra any ambava ireo fihetsika RFF voizin'ny tetik'asa RANO WASH ary afahan'ny mponina miaina ao anaty tontolo madio. Araka ny sary eto ambany dia maro ny fomba mahatonga ny tay na ny loto hafa hiditra any amin'ny vava ka miteraka aretina maro toy ny aretin-kibo, ary indrindra miteraka fahatarana eo amin'ny fitomboan'ny zaza:



Ny fanatanterahan ireo hetsika fototra dia manajanona tanteraka ny fidiran'ny tay sy ny loto any anaty vava ka izay no antony mahatonga ny tetik'asa RANO WASH sy ny mpiansehatra rehetra eo amin'ny sehatra RFF mivoy izy ireo.

Ireo fihetsika enina (06) voizin'ny RANO WASH:

- **Fihetsika 4 fototra**

I. Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana

Izany hoe mampiasa kabone azo diovina – misarona ny lavaka – misy fanasana tànana, sy tsy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa;

Ary manao ireto fihetsika ireto:

- (i) Mandraraka lavenona ao anatin'ny lavaka kabone isaky ny avy mangery,
- (ii) Mampiasa “pot” ny zaza izay tsy afaka mampiasa kabone, ary izany “pot” izany dia tsy misy tay tavela fa ariana sy diovina avy hatrany isaky ny avy ampiasaina, ary misarona hatrany rehefa tsy miasa
- (iii) Manarona ny lavaky ny kabone sy/na “pot” sy/na ny fitoeran’ny taratasy na fitaovana avy nifirana,
- (iv) Manadio matetika ny kabone sy ny pot

*MIRALENTA

(a) Io Kabone io dia mety amin'ny rehetra ao an-tokantrano (na lahy na vavy, bevohoka na tsia, na ankizy na tanora na olon-dehibe na antitra, na manana fahasembanana na tsy), izany hoe:

Arak'ireo olona anatin'ilay tokantrano mampiasa ilay kabone (lahyl/ vavy, sembana / tsy sembana, zaza/tanora/antitra, bevohoka, toe-batana madinika/vaventy sns), dia:

- Tsy mampidi-doza na manahirana loatra ho an'ny rehetra ny lalana mankany an-kabone sy ny fidirana ao an-kabone*
- Tsy mampidi-doza ny fanitsahana ilay kabone (kabone mahazaka ny rehetra)*
- *Tsy mampidi-doza ho an'ny rehetra ny lavaka kabone*
- *Takatry ny rehetra sy mety amin'ny rehetra ny fanasana Tanana eo amin'ny kabone*
- *Mora sy tsy manahirana ny rehetra ny mibata ny saron'ny kabone sy manarona azy, raha sarony mila bataina no ao amin'ny kabone, toy izany koa ny fitoeran'ny fitaovana avy nifirana.*

Ny fahatsapan'ny olona iray fa mampidi-doza ho azy na manahirana azy ny mampiasa ilay kabone no isan'ny mahatonga azy hangery ivelan'ny kabone

(b) ary Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny kabone avokoa ny ao an-tokatrano.

- Mifandimby ny ao an-tokatrano amin'ny fanadiovana sy fikarakarana ny kabone fa tsy ankinina amin'olon-tokana, mba tsy hampiparitaka ny tay ao anatiny fa hahagadra azy anaty lavaka, sy tsy hahamaimbo ny kabone ka ho KABONE MAHATAMANA HANGERENA, mba tsy hangereny ivelan'ny kabone.

Paika manokana manamora ny fampiasana kabone:

Anisan'ny sakana lehibe ho an'ny tokantrano ny fofona avoakan'ny kabone ka mahatonga azy tsy tamana mampiasa ny kabone. Mba hialana amin'ny fofona dia ireto misy soso-kevitra vitsivitsy azonao omena ny tokantrano:

- Aza adino ny manisy fantsona famoahan-drivotra avy ao anaty lavaka – misy fomba maro azo anaovana izany ka afaka manatona ny “maçon local” ny tokantrano amin’izany
- Afaka mampiasa teknolojia vaovao toy ny SatoPan ihany koa izay manamora ny fanaromana ny lavaka, mora diovina sy tsy mampisy fofona ary tsara endrika ihany koa
- Manisy matetika dia matetika lavenona anaty lavaka ary tsy dia manisy rano be lotra ao anaty lavaka: mora maina kokoa ny ao anaty lavaka, tsy dia mamofona sady tsy mora feno – azonao arahana fampisehoana izany fanasiana lavenona matetika izany.

II. Manasa tànana amin'ny rano madio sy savony

Izany hoe manana fitaovana na toeram-panasana tànana miaraka amin'ny rano madio sy savony.

Ary manasa tànana amin'ny savony isaky ny

- | | | | | | |
|------|-----------------------|--------------|-------|-------------------------|-------------|
| (i) | mialohan'ny | hikarakarana | (iii) | mialohan'ny | hamahana na |
| | sakafo, | | | hampinonoana zaza, | |
| (ii) | mialohan'ny hisakafo, | | (iv) | rehefa avy mangery, | |
| | | | (v) | rehefa avy mamitra zaza | |



Alohan'ny hikarakara sakafo



Alohan'ny hampinono na hamahana zaza



Alohan'ny hisakafo



Avy mangery



Avy manolo na mamitra zaza

Misy ihany koa ireo dingana mila arahan'ny tokantrano rehefa hanasa t̄anana mba hampahomby izany:

Andao hanasa tanana amin'ny **rano madio sy savony!**



**MIRALENTA:

(a) *Fanasana tanana mety amin'ny rehetra ao an-tokantrano (na lahy na vavy, bevohoka na tsy, na ankizy na tanora na olon-dehibe na antitra, na manana fahasembanana na tsy):*

Arak'ireo olona anatin'ilay tokantrano mampiasa ilay fanasana (*lahy/ vavy, sembana / tsy sembana, zaza/tanora/antitra, bevohoka, toe-batana madinika/vaventy sns.*), dia:

- Mety amin'ny rehetra ny toerana nametrahana ireo fanasana Tanana
- Mora amin'ny rehetra ny mampiasa azy

(b) *Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny toeram-panasana tanana avokoa ny ao an-tokatrano*

Mifandimby ny ao an-tokatrano amin'ny fanasana ilay "fanasana tànana", amin'ny famenoana rano madio sy fametrahana savony amin'ireo fanasana tanana, mba ahafahan'ny rehetra mampiasa ireo fanasana tànana foana.

Paika manokana hanasan'ny tokantrano tànana matetika

Mba hanampy ny tokantrano ho zatra hanasa tànana amin'ny savony dia azonao ampitaina amin'ny tokantrano ireto paika vitsivitsy ireto:

- atao mora hitan'ny maso ary lalovana matetika ny fitaovana fanasana tànana amin'ny savony, indrindra fa ao an-dakozia, mialoha ny hiditra ny trano ary eo akaikin'ny kabone
- atao loko manaitra sy manintonan'ny maso izany raha azo atao (mavo, fotsy ~~ana~~)

III. Mampiasa rano voadio sy azo antoka, ka:

(any amin'ireo kaominina tsy misy fotodrafitr'asa RANO WASH)

Mampiasa Rano avy amin'ny Toerana fakana rano voaaro amin'ny loto izany hoe Paompy mamatsy rano voadio azo antoka NA Lava-drano misarona tsara sy miorina 20 metatra miala ny kabone, ka :

- (i) Mampiasa ary misotro rano avy amin'ny paompy mamatsy rano voadio azo antoka na rano nampangotrahina na rano misy sur'eau.
- (ii) Manasa ny fitaovana fantsakana amin'ny rano voadio azo antoka sy savony
- (iii) Manadio matetika ny fitaovana fitehirizana rano amin'ny rano voadio azo antoka sy savony

(iv) Manarona ny fitaovana fitehirizana rano



(any amin'ny toerana misy fotodrafitr'asa RANO WASH)

manjifa ny famatsiana rano fisotro madio ataon'ny orinasa mpitantana rano; na “branchement social” io na “branchement particulier”

***MIRALENTA:**

(a) Mety amin'ny rehetra ny toerana fakana rano:

- Tsy mampidi-doza an'izay matsaka rano ny toerana fakana rano sy ny lalana mankany

(b) Mandray anjara amin'ireo asa tokony atao mba ahazoana rano voadio azo antoka avokoa ny ao an-tokantrano:

- Ifandimbiasan'ireo manana tanjaka ahafahana matsaka rano ao an-tokantrano ny raharaha fakana rano

Paika manokana manamora ny fampiasan'ny tokantrano rano madio

Mba hanampy ny tokantrano ho zatra mampiasa rano voadio azo antoka dia azonao zaraina amin'ny tokantrano tohananao ireto toro-hevitra vitsivitsy ireto:

- Zarao aminy ny toerana afahany manjifa rano voadio azo antoka akaiky azy indrindra, sy ny fepetra rehetra ahazoany izany
- Raha mampiasa fanadiovana rano toy ny Sur'Eau dia iaraho mamerina aminy ny fampiasana ny fomba fanadiovana rano mba hampahomby tsara izany

IV. Manaja ny fahadiovan'ny sakafy, ka manana toerana voatokana sy voaaro amin'ny loto anasana ny sakafy sy fitaovan-dakozia, ary:

- (i) manasa ny voankazo sy ny legioma manta amin'ny rano voadio azo antoka,
- (ii) Manasa fitaovan-dakozia amin'ny rano voadio azo antoka sy savony aorian'ny ampiasana azy,
- (iii) Mihinana sakafy masaka sy mafana,
- (iv) manarona ny sakafy,
- (v) Mampilalao ny zaza mandady sy miana-mandeha amin'ny toerana voaaro amin'ny loto, mba tsy hilalao na hahakasika maloto izy ireo (taim-biby, fako, poizina, sns.) ka hihinanany izany.

Toerana fanasana sakafy sy fitaovan-dakozia:



***MIRALENTA:**

(a) Mety amin'ny rehetra ny toerana voatokana anasana sakafy sy fitaovan-dakozia;

- Mora amin'ny rehetra ny mampiasa ilay toerana anasana sakafo sy fitaovan-dakozia.

(b) Mandray anjara amin'ireo asa tokony atao hampadio ny sakafo sy ny fitaovan-dakozia avokoa ny ao an-tokantrano

- Ifanampiana ny raharaha mahakasika ny fahadiovan'ny sakafo

Paika manokana ahafahana manampy ny tokantrano hanaja ny fahadiovan'ny sakafo

Mba hanampy ny tokantrano hanaja hatrany ny fahadiovan'ny sakafo dia ireto misy toro-hevitra azo ifampizarana amin'ny tokantrano:

- Mampiasa akalana na latabatra avo toerana sy madio itandrovana ny fahadiovana

Manana toerana fanasana tànana sy lovia amin'ny savony eo akaikin'ny lakozia ary misy

• **Fihetsika faha-5 fanampiny**

I. Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana:

misy toerana fisasana azon'ny tokantrano azo ampiasaina izany hoe efitra fisasana (douche) misy rano sy savony. Ireo fihetsika tsotra andrasana amin'ny tokantrano dia:

- (i) Misasa matetika ny vehivavy sy ny tovovavy mandritra ny fadimbolana mba itandrovana ny fahasalamana
- (ii) Manasa ny salaka amin'ny rano sy savony isaky ny avy ampiasaina ary manapy izany amin'ny masoandro
- (iii) – Tsy menatra ary tsy misalasala miresaka mahakasika ny fadimbolan'ny vehivavy ny rehetra ao an-tokantrano satria voajanahary izany.

Ny tokantrano ahitana tovovavy na vehivavy miatrika fadimbolana ihany no resahina ity fihetsika ity.

***MIRALENTA:**

(a) Mety amin'ny rehetra ve ny efitra fisasana;

- Tsy mampidi-doza ny rehetra lalana mankany amin'io toerana fisasana **io**
- Tsy mampidi-doza ny fampiasana ilay efitra fisasana

(b) Mifanampy ny ao an-tokantrano mba ahafahan'ny vehivavy/tovovavy miatrika fadimbolana am-pilaminana

- Ifanampian'ny ao an-tokantrano ireo fomba rehetra ahafahan'ny vehivavy mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana (fahazoana salaka, torohevitra, fanamboarana efitra fisasana, sns.)

- **Fihetsika faha- 6 Hita taratra anatin'ireo fihetsika 4 fototra sy ny fihetsika faha-5 fanampiny :**

- I. **Miara-mandray andraikitra ny lahy sy ny vavy mba hahatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny Rano – Fanadiovana sy Fidiovana, ao an-tokantrano.**

Ny momba lo Fihetsika faha-6 io dia voasoratra anatin'ireo fihetsika tsirairay eo ambony:
***MIRALENTA: (a) sy (b).**

5. TOKANTRANO MANATANTERAKA IREO FIHETSIKA RFF AZO ANTOKA SY MAHASALAMA = TOKANTRANO MPITARIKA

Araka ilay tanjon'ny RANO WASH fahatelo te- **Hanazatra ny fiaraha-monina hanatanteraka ireo fihetsika RFF azo antoka sy mahasalama ary hampiasa ireo tolotra RFF matihanina sy mara-penitra, dia manohana ny Kaominina ny RANO WASH amin'ny fanetsehana ny Tokantrano monina ao aminy.**

Hetsehina ireo tokantrano, indrindra ireo mpikambana VOAMAMI sy ireo tokantrano mananjaka latsaky ny 2 taona. Hetsehina manokana ny VOAMAMI satria ny VOAMAMI dia fikambanana mafy orina sy miray hina ary liam-pivoarana, ka mora hamporisihina hiova sy mahay manao modely ny tokantrano hafa ; ary omena laharam-pahamehana ny tokantrano mananjaka latsaky ny 2 taona satria ny tsy fanajana ny fahadiovana dia tena mampidi-doza ny zaza latsaky ny 2 taona ka misy fiafraikany ratsy amin'ny fitomboany.

Afahana manatanteraka izany dia

- Misafidy andian-tokantrano ny mpanetsika ifotony anaovana tantsoroka ho lasa TOKANTRANO MPITARIKA,
- Ny TOKANTRANO MPITARIKA dia izay mahatanteraka ireo fihetsika 4 fototra ; ary rehefa mahatanteraka izany izy dia amporisihina hanatanteraka ny fihetsika faha-5.
- Ny TOKANTRANO MPITARIKA dia omena felam-boninkazo na “Grow-Up Sticker” isaky ny mahatanteraka fihetsika iray.
- Ny anaran’ny TOKANTRANO MPITARIKA dia atao peta-drindrina any amin’ny Biraon’ny Fokontany sy ny Kaominina mba ho fitaretry ny fiaraha-monina.

6. Ny fomba fisafidianana ny tokantrano

- (i) Mpanetsika ifotony na **PL I manao tantsoroka tokantrano miisa 16 eo ho eo mba ho lasa tokantrano mpitarika mandritra ny tsingerina I maharitra 3 volana izay safidiana ao anatin'ny fikambanana VOAMAMI Misy lisitra VOAMAMI azo raisina eo amin'ny Teknisanina RANO WASH.**
- (ii) Raha tsy misy ny VOAMAMI, ny mpanetsika ifotony dia misafidy ireo tokantrano 16 ireo, avy amin'ireto masontsivana ireto:
 - **NA** monina ao amin'ny renivohitry ny Kaominina – indrindra raha Renivohitry ny Kaominina misy orinasa mitantana ny fotodrafitr'asa mamatsy rano voadio azo antoka, namboarin'ny RANO WASH na tsy.
 - **NA** monina ao amin'ny renovihitry ny fokontany - indrindra raha Renivohitry ny Fokontany misy orinasa mitantana fotodrafitr'asa mamatsy rano voadio azo antoka, namboarin'ny RANO WASH na tsy.
 - **NA/SY** Tanàna ODF
- (iii) Omena laharam-pahamehana ny tokantrano manan-janaka latsaky ny 2 taona

7. Ireo fomba entina hanaovana tantsoroka sy hamporisihana ny tokantrano

- **Fitarihina Dinika anaty Vondron'olona**

Ireo tokantrano 16 anaovana tantsoroka dia ampivoriana HIARA-HIDINIKA mialohan'ny hiarahan'izy ireo mifanampy sy mifampianatra ho fahatanterahan'ny fihetsika anankiray.

Isam-bolana dia miovaova ny fihetsika resahina ka azo atambatra ireo fihetsika izay hita fa azo resahina miaraka:

- Fampiasana kabone sy Fanasana Tanana amin'ny rano madio sy savony
- Fampiasana rano madio sy Fanajana ny fahadiovan'ny sakafo
- Fahaiza-mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana

Ny fotoana anaovana ny dinika dia amin'izay ora maha afaka ireo tokantrano sy amin'ny toerana mety amin'izy ireo.

Ny tanjon'ny dinika iray dia:

- Mifampizara mikasika ny fihetsika resahina ireo tokantrano sy ireo sakana tsy afahana manatanteraka ireo fihetsika
- Miara-mamaha ireo sakana ireo ny mpanetsika sy ny tokantrano
- Mametraka fanamby hahatanteraka ireo fihetsika ifanarahana ireo tokantrano, anatin'ny fotoana voafetra.

Dingana fototra fanatanterahana Dinidinika anaty Vondron'olona:

- Fifampiarahabana atao anaty kilalao mahafinaritra
- Fampidirana ny hetsika ho resahana
- Fametrahana fanontaniana sy fampiasana ny boky toro-làlana misy sary: afahana mahalala ny fanaon'ireo mpanatrika amin'io fihetsika resahana io
- Fifanakalozana eo amin'ny mpanatrika ny karazana sakana tsy afahana manatanteraka io fihetsika io sy fomba afahana mamaha izany
- Fanamorana ny fanapahan-kevitra eo main'ny mpanatrika mba afahany manatanteraka io hetsika io
 - Fanovana eo amin'ny tontolo manodidina ilay fihetsika
 - Fanovana eo amin'ny fahazarana
 - Fiarahana miresaka izany amin'ny mpikambana hafa ao antokantrano
- Fanazavana ireo tolota RFF avy amin'ny mpanetsika: varotra mifanaraka amin'ny hetsika resahana
- Fiarahana manatanteraka ny hetsika miaraka amin'ireo mpanatrika (demonstrations) afahana mandrefy raha voafehy na tsia ny fihetsika sy ny fahamoran'ny fanatanterahana izany
- Fiarahana mametraka fanamby sy fotoana iverenan'ny mpanetsika afahan'ny mpanatrika mitondra ny fiovana
- Fametrahana ny fotoana hamangian'ny mpanatrika ireo tokantrano tsirairay
- Fanaovam-beloma

Miampy ireto dingana ireto ny DAV manaraka:

- Famerenana ny resaka farany
- Fanaraha-maso rahaefa manatanteraka ny hetsika izay nifampiresahana mpanatrika na tsia
- Fiarahana mamaha ny olana raha misy mpanatrika tojo fahasahiranana amin'ny fanatanterahana ny hetsika

• Fanatanterahana Vangivangy arahin-dinika

Ny vangivangy arahi-dinika dia atao eny anivon'ny tokantrano, ary azon'ny mpanetsika ifotony ny manantateraka **VANGIVANGY IRAY atrehin'ny TOKANTRANO ROA**. Amin'izay fotoana izay dia MPIARA-DIA ireo tokantrano ireo ka HIFAMPORISIKA hanatanteraka fihetsika mba HO SAMY HAHAZO FELANA.

Ny fotoana anaovana ny vangivangy arahin-dinika, izany hoe mandritra na manakaiky ilay ora hanatanterahan'ireo tokantrano ilay fihetsika resahina.

Ny toerana anaovana ny vangivangy dia manakaiky ilay toerana hanatanterahana ilay fihetsika ao amin'ny tranon'izay tokantrano hanatanterahana ny vangivangy

Ny olona ao an-tokantrano tokony hiaraha-midinika, izany hoe, ireo voakasik'ilay fihetsika voalohany sy ireo mpanapan-kevitra rehetra.

Dingana fototra fanatanterahana VAD :

- Fifampiarahabana
- Fampidirana ny hetsika ho resahana
- Fanatonana eo amin'ny toerana fanatanterahana ny hetsika ho resahana
- Fametrahana fanontaniana sy fampiasana ny boky toro-làlana misy sary
- Fiaraha-mitafa amin'ny tokantrano ny fanapahan-kevitra raisiny mba afahany manatanteraka io hetsika io
 - Fanovana eo amin'ny tontolo manodidina ilay fihetsika
 - Fanovana eo amin'ny fahazarana
 - Fiarahana miresaka izany amin'ny mpikambana hafa ao antokantrano
- Fanazavana ireo tolotra RFF avy amin'ny mpanetsika: varotra mifanaraka amin'ny hetsika resahana
- Fiarahana manatanteraka ny hetsika miaraka amin'ny tokantrano (demonstrations) afahana mandrefy raha hain'ny tokantrano ny manao ny fihetsika sy ny fahamoran'ny fanatanterahana izany
- Fiarahana mametraka fanamby sy fotoana iverenan'ny mpanetsika afahan'ny tokantrano mitondra ny fiovana
- Fanaovam-beloma

Miampy ireto dingana ireto ny VAD manaraka:

- Famerenana ny resaka farany
- Fanaraha-maso raha efa manatanteraka ny hetsika izay nifampiresahana ny tokantrano na tsia
- Fanomezana ny felam-boninkazo raha tanteraka ny fanamby napetrany na fiarahana mijery aminy ny olana raha sanatria tsy nahatanteraka ny fanamby izy

Tokony maharitra eo amin'ny 30 mn eo ny faharetan'ny VAD iray raha ela indrindra.

8. Ireo fitaovana entina hanaovana tantsoroka ny tokantrano

 **Ny Felam-boninkazo maro loko:** Felam-boninkazo miloko I = Fihetsika I



- **Ho an'ireo fihetsika fototra 4 : Voninkazo manana felana 4 miaraka amin'ny taho**

Rehefa mampiassa kabone madio sy ara-pahasalamana dia Felana mavo	Rehefa manasa Tanana amin'ny rano madio sy savony dia mahazo Felana volomboasary	Rehefa mampiassa rano voadio azo antoka dia mahazo Felana manga	Rehefa manaja ny fahadiovan'ny sakafo dia mahazo Felana maitso
			

- **Ho an'ny fihetsika hafa :**

Ny fihetsika fanampiny: Rehefa mahay -mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana dia mahazo Ravina mena	Ary ny taho dia kosa dia manambara fa miara-mandray andraikitra ny lahy sy ny vavy ka tanteraka ireo fihetsika ireo-
	

Io Voninkazo io no marika fa TOKANTRANO MPITARIKA ny Tokantrano iray.ny tokantrano. Ka tolorana azy farany ny vonin'ny vonikazo eo afovoany mba hahafeno ny voninkazo:




• **Boky Fanamorana ny fiovam-pihetsiky ny Tokantrano**

Mba hamporisiana ny tokantrano hiova fihetsika, dia **hampisehoana sary sy hametrahana fanontaniana ary hizarana torolalana** izy ireo. Ny pejy misy sary no aseho ny tokantrano ary ny pejy misy fanontaniana sy torolalana dia mitodika any amin'ny mpanetsika ifotony. **Ny boky dia sady azo ampiasaina amin'ny dinika no azo ampiasaina amin'ny vangivangy.**

Pejy misy sary

Iza amin'ireto sary ireto no manakaiky indrindra ny zavatra iainanareo amin'izao fotoana izao?



Pejy misy fanontaniana

Fihetsika A : Mampiasa kabone « azo antoka » sy ifampizarana amin'ny tokantrano hafa

TARI-DRESAKA

Ohatry ny ahoana ny toerana fangerenareo (rindrina, varavarana, gorodona, lavaka, sns...)? Fa maninona?
(Raha mampiasa kabone ilay tokantrano, dia tanterahana eo aikaik'ny kabone ny tohin'ny dinidinika, na madio na tsy madio ilay kabone)

Inona no olana atrehina rehefa mampiasa io toeram-pangerena io:

- Maimbo ve?
- Mora feno ve ny lavaka?
- Tery ve?
- Mora diovina ve?
- Mora mirodana ve?
- Be mpampiasa ve?

Inona ny fiantraikan'izany aminareo?

Fanomezana torolalana

Fihetsika B : Manasa tānana amin'ny savony

TARI-DRESAKA

Tanterahina eo aikaik'ny toeram-panasana tanana ny dinidinika, raha misy izany

Ahoana ny fomba fanasanareo tanana?
Inona no ampiasainareo?

(raha tsy manasa tanana amin'ny savony) Inona no manahirana amin'io fomba fanasana tānana io:

- Adiny firy vao madio ny tanāna?
- Mora manala ny loto amin'ny tanāna ve?
- Manala ny loto tsy hita maso toy ny mikrooba mety hankarary ny kibo ve?

Inona ny vahaolana?

Manana sosokevitra aminareo aho raha mety aminareo: **Mampiasa savony : hosotra kely tsy ampy iray minitra monja dia milala ny loto rehetra (na ny hita maso na ny tsy hita maso), amin'ny vidiny mirary.** Hanamorana izany dia misy ny fitaovana fanasana tānana sy savony izay mety mahalana anao. Jereo ange ito e! Azonao atao ny manambatra na koa ny mivid!

Fihetsika A : Mampiasa kabone tsy mampihinan-tay sy tsy ifampizarany amin'ny tokantrano hafa

TARI-DRESAKA (Tohiny)

Inona ary ny vahaolana avy aminareo hamahana ireo olana ireo?

Raha mety aminareo, dia misy vahaolana maromaro afaka zaraiko aminareo, mety hahalana anareo ve?

raha mahalana ny tokantrano dia azavaina azy araka ireo sary ao ambodika (Voomami - Maçon local sns.)

Raha te-hifandray @ "Maçon local" aikaiky indrindra dia

Raha te-hifandray @ Agent villageois/PSP azo iresahana momba ny VOAMAMI:

Inona ary ny vahaolana mety aminareo hahazonareo ilay kabone irinareo?

- **Fisy mikasika ireo tokantrano Mpitarika amin'ny Rano-Fanadiovana sy Fidiovana**
- Isaky ny manataneraka dinika dia fenoina ny **FISY FIRAKETANA AN-TSORATRA NY DINIKA ANATY VONDRON-TOKANTRANO ANAOVANA TANTSORAKA (1) sy ny Fanamarinam-pahatongavana (2)**

<p>(1)</p> <p align="center"> </p> <table border="1" style="width: 100%; border-collapse: collapse;"> <tr> <td colspan="5" style="text-align: center; padding: 5px;">FISTY : FETI RANARAZANA AM-TOKARANO NY DIFERENZA MADABA © VONDOM-POTAMBEANO AMACHAVANA TAMBORAKA</td> </tr> <tr> <td>NAME : <input type="text"/></td> <td>LAST NAME : <input type="text"/></td> <td>SOCIAL STATUS : <input type="text"/></td> <td>AGE : <input type="text"/></td> <td>SEX : <input type="radio"/> Male <input type="radio"/> Female</td> </tr> <tr> <td>ADDRESS : <input type="text"/></td> <td>STREET : <input type="text"/></td> <td>DISTRICT : <input type="text"/></td> <td>PROVINCE : <input type="text"/></td> <td>CODE : <input type="text"/></td> </tr> <tr> <td colspan="5">Nationality : Malagasy (15 min...) 15 min - 30min...) 30 min= foreigner (if other) _____</td> </tr> <tr> <td colspan="5">Language spoken at home:</td> </tr> <tr> <td>HOME : <input type="checkbox"/></td> <td>SCHOOL : <input type="checkbox"/></td> <td>WORK : <input type="checkbox"/></td> <td>OTHER : <input type="checkbox"/></td> <td></td> </tr> <tr> <td colspan="5">Vocational activities:</td> </tr> <tr> <td><input type="checkbox"/> Farming</td> <td><input type="checkbox"/> Non-farm business</td> </tr> <tr> <td><input type="checkbox"/> Farming</td> <td><input type="checkbox"/> Farming business</td> </tr> <tr> <td><input type="checkbox"/> Farming</td> <td><input type="checkbox"/> Farming business</td> </tr> <tr> <td colspan="5">My main occupation:</td> </tr> <tr> <td colspan="5"><input type="text"/></td> </tr> <tr> <td colspan="5">Date of birth: _____</td> </tr> <tr> <td colspan="5">Signature: _____</td> </tr> <tr> <td colspan="5">By signing this document, I declare that I am a "Promoter Local" of FISTY.</td> </tr> <tr> <td colspan="5" style="text-align: center;">TA my testis ea GRANO WASH</td> </tr> </table>	FISTY : FETI RANARAZANA AM-TOKARANO NY DIFERENZA MADABA © VONDOM-POTAMBEANO AMACHAVANA TAMBORAKA					NAME : <input type="text"/>	LAST NAME : <input type="text"/>	SOCIAL STATUS : <input type="text"/>	AGE : <input type="text"/>	SEX : <input type="radio"/> Male <input type="radio"/> Female	ADDRESS : <input type="text"/>	STREET : <input type="text"/>	DISTRICT : <input type="text"/>	PROVINCE : <input type="text"/>	CODE : <input type="text"/>	Nationality : Malagasy (15 min...) 15 min - 30min...) 30 min= foreigner (if other) _____					Language spoken at home:					HOME : <input type="checkbox"/>	SCHOOL : <input type="checkbox"/>	WORK : <input type="checkbox"/>	OTHER : <input type="checkbox"/>		Vocational activities:					<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Non-farm business	<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Farming business	<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Farming business	My main occupation:					<input type="text"/>					Date of birth: _____					Signature: _____					By signing this document, I declare that I am a "Promoter Local" of FISTY.					TA my testis ea GRANO WASH					<p>(2)</p> <p align="center"> </p> <table border="1" style="width: 100%; border-collapse: collapse;"> <tr> <td>NAME : <input type="text"/></td> <td>LAST NAME : <input type="text"/></td> <td>SEX : <input type="radio"/> Male <input type="radio"/> Female</td> </tr> <tr> <td>ADDRESS : <input type="text"/></td> <td>STREET : <input type="text"/></td> <td>DISTRICT : <input type="text"/></td> <td>PROVINCE : <input type="text"/></td> <td>CODE : <input type="text"/></td> </tr> <tr> <td colspan="5"> <table border="1" style="width: 100%; border-collapse: collapse;"> <thead> <tr> <th>#</th> <th>Activity or Occupation</th> <th>Date</th> <th>Address</th> </tr> </thead> <tbody> <tr><td>1</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>2</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>3</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>4</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>5</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>6</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>7</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>8</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>9</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>10</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>11</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>12</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>13</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>14</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>15</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>16</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>17</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>18</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>19</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>20</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>21</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>22</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>23</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>24</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>25</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>26</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>27</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>28</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>29</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>30</td><td></td><td></td><td></td></tr> </tbody> </table> </td> </tr> <tr> <td colspan="5">Activity signature: _____ Address signature: _____</td> </tr> <tr> <td colspan="5">Address: _____</td> </tr> </table>	NAME : <input type="text"/>	LAST NAME : <input type="text"/>	SEX : <input type="radio"/> Male <input type="radio"/> Female	ADDRESS : <input type="text"/>	STREET : <input type="text"/>	DISTRICT : <input type="text"/>	PROVINCE : <input type="text"/>	CODE : <input type="text"/>	<table border="1" style="width: 100%; border-collapse: collapse;"> <thead> <tr> <th>#</th> <th>Activity or Occupation</th> <th>Date</th> <th>Address</th> </tr> </thead> <tbody> <tr><td>1</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>2</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>3</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>4</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>5</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>6</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>7</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>8</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>9</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>10</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>11</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>12</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>13</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>14</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>15</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>16</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>17</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>18</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>19</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>20</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>21</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>22</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>23</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>24</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>25</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>26</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>27</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>28</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>29</td><td></td><td></td><td></td></tr> <tr><td>30</td><td></td><td></td><td></td></tr> </tbody> </table>					#	Activity or Occupation	Date	Address	1				2				3				4				5				6				7				8				9				10				11				12				13				14				15				16				17				18				19				20				21				22				23				24				25				26				27				28				29				30				Activity signature: _____ Address signature: _____					Address: _____				
FISTY : FETI RANARAZANA AM-TOKARANO NY DIFERENZA MADABA © VONDOM-POTAMBEANO AMACHAVANA TAMBORAKA																																																																																																																																																																																																																											
NAME : <input type="text"/>	LAST NAME : <input type="text"/>	SOCIAL STATUS : <input type="text"/>	AGE : <input type="text"/>	SEX : <input type="radio"/> Male <input type="radio"/> Female																																																																																																																																																																																																																							
ADDRESS : <input type="text"/>	STREET : <input type="text"/>	DISTRICT : <input type="text"/>	PROVINCE : <input type="text"/>	CODE : <input type="text"/>																																																																																																																																																																																																																							
Nationality : Malagasy (15 min...) 15 min - 30min...) 30 min= foreigner (if other) _____																																																																																																																																																																																																																											
Language spoken at home:																																																																																																																																																																																																																											
HOME : <input type="checkbox"/>	SCHOOL : <input type="checkbox"/>	WORK : <input type="checkbox"/>	OTHER : <input type="checkbox"/>																																																																																																																																																																																																																								
Vocational activities:																																																																																																																																																																																																																											
<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Non-farm business																																																																																																																																																																																																																										
<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Farming business																																																																																																																																																																																																																										
<input type="checkbox"/> Farming	<input type="checkbox"/> Farming business																																																																																																																																																																																																																										
My main occupation:																																																																																																																																																																																																																											
<input type="text"/>																																																																																																																																																																																																																											
Date of birth: _____																																																																																																																																																																																																																											
Signature: _____																																																																																																																																																																																																																											
